Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy
fpma
Aix Marseille
Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

MPAMAFY

25 desambra 2014

"Fa Zaza no teraka ho antsika, Zazalahy no omena antsika; ary ny fanapahana dia eo an-tsorony, ary ny anarany atao hoe : "Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra mahery, Rain'ny mandrakizay, Andrian'ny fiadanana" (Isaia 9 : 5)

Les échos :

- ✓*Hafatra Pastoraly Krismasy*
- ✓*Synoda Lehibe*
- ✓*Faritany* Enseignement KNPL
- ✓ Sampana
- ✓Point Finances
- ✓Etc…

Quoi de neuf ?

- Les nouvelles
- Mission et Solidarité
- Alpha
- Recettes Vary aminanana
- Lectures Bibliques
- Planning 2015
- …

« Car un enfant nous est né, un fils nous est donné, Et la domination reposera sur son épaule ; On l'appellera Admirable, Conseiller, Dieu puissant, Père éternel, Prince de la paix. » Esaïe 9 : 5

Edition Noel 2014

FIANGONANA PROTESTANTA MALAGASY ATY AN-DAFY – EGLISE PROTESTANTE MALGACHE EN FRANCE
TAFO AIX – MARSEILLE – C/O E.P.U. GRIGNAN , 15 RUE GRIGNAN , 13006 MARSEILLE – www.fpmaam.org
Mpitandrina: RANDRIANANDRASANA Jeannot – 06 62 67 92 79 - pasteur@fpmaam.org
Filoha: RAKOTONIAINA Charles - PARC BARRY BT D3 13005 MARSEILLE – 04 91 92 02 33 – president@fpmaam.org

Ce Numéro vous est distribué gratuitement grâce à un sponsor (photocopies) que nous souhaitons ici remercier chaleureusement. Vous pouvez cependant participer aux frais occasionnés (envoi entre autres) - Une boîte est à votre disposition à cet effet auprès des trésoriers. Merci d'avance de votre participation et bonne lecture !

Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

HAFATRA PASTORALY NOELY 2014

Ho an'ny Mpitandrina Mpandrindra
Ny Filoha sy ny Komitin'ny Faritany 6
Ny Filoha sy ny Komitin'ny Tafo 39
Ny Filoha sy ny Fiaraha-mivavaka ho FPMA
ary ny vahoaka Kristiana rehetra ato amin'ny FPMA

Ry havana malala ao amin'ny Tompo,

Ho aminareo rehetra anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina !

«Indro, ny virjina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; ary ny anarany hataon'ny olona hoe Imanoela,izany hoe, raha adika:"Amintsika Andriamanitra." . » *Matio 1, 24*. Izany, ry havana, no hafatra entin'ny Tenin'Andriamanitra ho antsika amin'izao Noely 2014 izao.

- Amintsika Andriamanitra fa **Jesoa Kristy Ilay Teny tonga nofo no Loharanom-pahasoavana enti-miasa handrosoan'ny Fiangonantsika**. Manaiky amim-panetrentena mandrakariva isika fa ny fahantran'ny fahalalantsika ny Tenin'Andriamanitra, fa indrindra ny tsy fetezana hivelona amin'izany, no mahatonga fahalemena sy fifampiandaniana ao am-piangonantsika ao ka hiheverana fa ny Fitsipika Anatiny sy ny Lalàna no afaka mamaha ny olana rehetra. Ilaina uzany indraindray, nefa Kristy Irery ihany no Mpamonjy sy Mpanafaka antsika. Ny asan'ny Fanahy Masina no hany mahatonga ny Tenin'Andriamanitra ho Fiainana handraisantsika an'i Kristy. Raha amintsika tokoa Andriamanitra, ho tena olona afaka isika, fa **« Raha ny Zanaka no manafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo.»** *Johany 8, 36.*

- Hoy Jesoa tamin'ireo mpivavaka jiosy nanohitra Azy: **«Izay avy amin'Andriamanitra no mihaino ny tenin'Andriamanitra; izany no tsy ihainoanareo, satria tsy avy amin'Andriamanitra ianareo! ... Izaho tsy ondranondranana fa manome haja ny Raiko; fa ianareo kosa tsy manome haja Ahy. Saingy Izaho tsy mitady ny voninahitro, fa ao Ilay mitady izany ho Ahy sady mitsara ara-drariny.»** *Johany 8, 47-50*. Mitaona antsika hitodika any Aminy ny Tompo, ary handray Azy ao am-pontsika fa araka ny lazain'i Jakoba, hoe: **« Feno faniriana mirehidrehitra ny fanahy izay napetrak'Andriamanitra ao anatintsika. Manome antsika fahasoavana lehibe lavitra anefa Andriamanitra, satria hoy ny Soratra Masina: Toherin'Andriamanitra ny mpiavonavona, fa omeny fahasoavana kosa ny manetry tena. »** *Jakoba 4, 5-6*

Ilaintsika ny saina amam-pahalalana handalinantsika ny finoantsika, kanefa ny fanambaran'i Kristy Irery ihany amin'ny asan'ny Fanahy Masina ao am-pontsika no hahalalantsika marina an'Andriamanitra.

Mirary Noely sambatra 2014 ho anareo ary miandrandra sahady ny taona vaovao 2015 izay antenaintsika hahatsapantsika indray ny asan'Andriamanitra eo anivon'ny Fiangonantsika izahay.

« Ianareo kosa, ry hava-malala, ataovy izay handrosoanareo amin'ny finoana masina indrindra efa anananareo, ka mivavaha omban'ny herin'ny Fanahy Masina; mitahiriza tena ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra, ka mahandrasa ny famindrampon'i Jesoa Kristy Tompontsika hahazoanareo fiaina-maharitra mandrakizay.» *Joda, 20-21*

Mamangy sy manao veloma anareo amin'ny anaran'Ilay tia antsika !

Nosoratana teto Paris, Foibe FPMA, 09 desambra 2013

Dr Jean A. RAVALITERA, Mpitandrina Filohan'ny FPMA

Edito

Matoandahatsoratra

Edita *IAAM*

KRISMASY SAMBATRA

Tsaroako tamin'ny mbola kely ny fifaliana tsy omby tratra noho ny andro krismasy. Fifaliana ateraky ny fanomezana samihafa voaray na kely na lehibe na tiana na tsy tiana fa dia faly indrindra mandray izay nomena. Taty ao aoriana dia lasa fahazarana hatrany ny fanomezana fa lasa zava-dehibe kosa ny fihaonan'ny mpianakavy sy ny havana aman-tsakaiza ary dia lasa tombony ny mandray fanomezana.

Ho an'ny frantsay dia ny sasa-kalina sy ny andro krismasy no hiarahan'ny zanaka mamonjy ny ray-aman-dreny amin'izay misy azy. Fifaliana tsy misy ohatr'izany ho an'ireo zoky be ray-aman-dreny vangian'ireo menaky ny ainy ary tsy misy ho azy ireo fanomezana lehibe noho ny fahitany an'ireo zanany sy ny taranany. Lasa fety tokoa ny andro krismasy na ho an'ny lehibe na ho an'ny kely.

Ho an'ny kristiana malagasy aty an-dafy, toy ny fomba amam-panao any an-tanindrazana dia ny fandehanana mamonjy sasa-kalina sy fanomoam-pivavahana andro krismasy. Ary matetika ny andro krismasy no feno dia feno sy be mpiangona indrindra ireo fiangonana malagasy eto Frantsa. Ny andro krismasy no hahatsiarovantsika ny nahatongavan'Andriamanitra ho nofo ao amin'i Kristy Jesoa ilay zaza vao teraka araka ny voasoratra hoe : ***« Aza matahotra; fa, indro, milaza teny soa mahafaly aminareo aho, dia fifaliana lehibe izay ho an'ny olona rehetra;fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan'i Davida, dia Kristy Tompo. »*** ***(Lioka 2:10-11).*** Fifaliam-be ho an'ny zanak'Israely tamin'izany ny fahaterahan'ilay Mesia Mpamonjy ny fireneny. Fa ho an'ny Fiangonana Kristiana kosa dia ***" fifaliana lehibe ho an'ny olona rehetra".***

Tamin'ny fotoana niza-draharaha (stage) pastoraly taona faha-3 tao amin'ny Faculté de Théologie, koa rehefa tonga ny fotoana manodidina ny krismasy dia nizara sakafo mafana tamin'ireo mahantra, namangy ireo marary sy ireo zoky olona manirery, mivavaka ho an'ny fandriampahalemena, sy asa maro fampihavanana sy fanehoana fitiavana. Izany no natao ho an'ny mpino na tsy mpino.

Izany tokoa ry havana ny Fotoan-Krismasy, fotoam-pifaliana, fotoam-pitsaharana amin'izay ady ady, fotoana fifamelana, fotoam-pihavanana, fotoam-piralahiana, fotoana fanehoam-pitiavana. Tsarovy fa ny fahaterahantsika kristiana tsirairay ihany koa ho-zanak'Andriamanitra no ankalazaintsika amin'ny Noely, izay entanin'ny Fanahin'Andriamanitra mizara ny vokatry ny fanahy, izay tsy inona fa : ***Fitiavana, Fifaliana, Fiadanana, ...*** ***(Galatiana 5:22).***

Koa mirary raha mirary **Krismasy Sambatra** ho antsika rehetra omban'ny Fitivana sy Fifaliana ary ny Fiadanan'Andriamanitra ka ho tanteraka tokoa anie ny feon'ilay anjely manao hoe :

« Voninahitra any amin'ny avo Indrindra ho an'Andriamanitra! Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany » ***(Lioka 2:14)***

Pst Falimanana RAHARINDRANTO

Teny fanolorana

« ...Indro, nivoaka ny mpamafy mba hamafy » **(Matio 13 :3b)**

Hafaliana lehibe ho anay mpiandraikitra ny gazety Mpamafy eto amin'ny tafo FPMAAM ny manolotra antsika mpamaky ity laharana Noely 2014 ity. Raha tanteraka ny fivoahan'ity laharana ity, dia tsy herinay na tanjakay no nahatonga izany, fa ny fitahiana sy ny fanampian'ny Tompo. Hisaorana indrindra anie Izy noho izany. Ary ho Azy irery anie ny Voninahitra sy sy Haja lehibe indrindra.
Faly miarahaba antsika rehetra mpamaky ny gazety Mpamafy amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompotsika tratry ny Noely 2014 : **« Ry Josefa, zanak'i Davida, aza matahotra hampiakatra an'i Maria vadinao ; fa ny Zaza ao an-kibony dia avy amin'ny Fanahy Masina, ka hiteraka zazalahy izy, ary ny anarany hataonao hoe JESOSY.** » **(Matio : 20b-21a).**

Ny gazety mpamafy dia fitaovana eo am-pelatanan'ny Fiangonana, ho entina mampandroso ny asan'Andriamanitra, dia ny fitoriana ny Filazantsara ; arakan'ny voasoratra hoe :
"*Ary ny firenena rehetra tsy maintsy hitoriana ny filazantsara*." (Marka 13 :10)
fampielezam-baovao eo anivon'ny fiangonana. Noho izany manentana antsika tsirairay handray anjara ho an'ny gazetintsika amin'ny fanomezam-baovao, na fampianarana, na fijoroana vavolombelona, na sary, na kilalao, na poezy, sns …
Vonona ireo tompon'andraikitra handray ireo asa soratra sy hetahetam-po tiantsika hampitaina entina hanatsarana ny gazety.

Ny laharana manaraka dia hivoaka aminy Paska 2015.

Mirary fahafinaretana ho antsika amin'ny famakiana ny gazety MPAMAFY ary ny fahasoavan'i Jesosy Kristy hitoetra mandrakariva ao amin'ny tsirairay.

« Fa mitomboa amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamony. » (I Petera : 18).

Dia mirary antsika rehetra samy ho tratry ny taona vaovao 2015.

Ny Voninahitra dia ho an'Andriamanitra irery ihany

FIOFANANA NOTOLOTRY NY FARITANY SY NY KNPL

AIX EN PROVENCE – 29 Novembre 2014

NY FIVORIANA MAHOMBY eto @ FPMA - sy/na -Ny FOMBA FANOMANANA SY FITARIHANA ARY FANATREHANA FIVORIANA Eto @ FPMA

Mpanofana: Atoa Jean-Solo RAFIDINARIVO – TALE Komity Nasionaly Projet Laika FPMA

Fampidirana:

- Ny Fivoriana mahomby sy fivoriana tsy mahomby
- Maro loatra ny fivoriana feno endrika TSY mahomby eto amin'ny FPMA toy ny
- Resaka be nefa tsy misy zavatra mivaingana
- Lohahevitra iray no nandaniana ny fotoana manontolo
- Fivoriana nantsoina ho adiny iray lasa adiny efatra nefa tsy vita akory ny tokony ho natao rehetra
- adiny iray aorian'ny fotoana nifanomezana vao nanomboka
- Misy olona nantsoina nefa tsy nipoitra dia lasa tsy afaka nanapakevitra (na nanapaka ihany nefa tsy noeken'ny rehetra)
- Misy olona tsy nantsoina nefa tonga manatrika ny fivoriana: ahaoana no atao? ekena manahirana, tsy ekena sao mampiady
- ny fivoriana malagasy tsy toy ny an'ny vazaha:
- tsy efficace, tsy marimpotoana,
- manome ny fihetsempon'ny miteny fa tsy manome hevitra hampandroso ny dinika,
- be resaka mivoana tsy ao @ lohahevitry ny tanisa dinika ny miteny,
- ny miteny ihany foana no miteny,
- tsy fantatra intsony indraindray aiza ho aiza @ fivoriana moa isika izao,
- ny fihetsiky ny mpivory ato amin'ny fiangonana indraindray toa lasa toy ny fihestiky ny mpivory @ association'n izao tontolo izao,
- Misy olona tsy tonga mivory satria «rakoto na rabe» no mitarika ny fivoriana
- tsy misy vavaka mialohan'ny fivoriana, na lasa ny vavaka no lava be dia tsy misy fotoana intsony handinihina raharaha,
- misy mpivory tonga tsy niomana mihitsy ary tsy mahafantatra akory izay antom-pivoriana (arrivent les mains dans les poches),…

Ahoana ary no atao ialana amin'izany endrika TSY mahomby rehetra izany:
Mizara roa lehibe ny valinteny ho singanintsika:

I- **Ny Mila Omanina sy fantarina alohan'ny fivoriana/ A identifier lors de la préparation de la réunion**

II- **Ny Ataon'ny Mpitarika ny fivoriana Mandritra ny fivoriana**

I- Mila Omanina sy fantarina alohan'ny fivoriana/ A identifier lors de la préparation de la réunion:

Ny mpanomana ny fivoriana dia mila manomana, mamantatra farafahakeliny ireto teboka 13 ireto:

1. Tanjon'ny fivoriana: Tanjona kendrena/But - Vokatra andrasana/Resultats attendus/Output/
2. Iza no tompon'andraikitra ny fivoriana / qui est l'organisateur – quelle est l'instance organisatrice
3. Inona ny fitsipika mihatra sy mamaritra ny fivoriana
4. Inona ny Tanisa dinika / agenda (in english) / ordre du jour (Français)
5. Iza avy ireo Olona mila manatrika ny fivoriana: mpanapa-kevitra/mandatsa-bato - mpanatrika mandray anjara @ dinika fa tsy mandatsabato - vahiny sy/na expert asaina
6. iza no Mitarika ny fivoriana
7. iza ireo olona mampiditra ny dinika isaky ny tanisa dinika (mila manomana ireo olona ireo)
8. iza no Mpandray an-tsoratra
9. iza no manao nyTatitra
10. inona ny Datin'ny fivoriana
11. rahoviana no mila lasa ny fiantsoana / Datin'ny fiantsoana
12. rahoviana no mila lasa ny tatitra / Datin'ny tatitra
13. Iza no miandraikitra ny Lojistika: famandrihana toerana hivoriana, adiresy, latabatra, seza, tableau na paper board na projecteur, ny sakafo sy/na gouter raha ilaina, ny photocopies documents rehetra iliana, ...sns

Raha Jerena tsirairay:

1. **Mila fantarina ny Tanjon'ny fivoriana:**
    - Inona no tanjona kendrena raha hanao fivoriana
    - Ny Tanjona voalohany sy mandrakariva dia ny ho voninahitr'Andriamanitra. Ny tanjona rehetra ao @ fivoriana dia kendrena tsara ho voninahtr'Andtra hatrany. **Kol 3-23 "na inona na inona ataonareo dia ataovy toy ny ho an'ny Tompo..."** . Ny tanjon'ny fihetsika rehetra koa ao @ fivoriana izany dia ho voninahitr'Andriamanitra hatrany.
    - Fantarina Inona no vokatra andrasana (resultats - outputs) avy @ fivoriana:
        - raha vita ny fivoriana inona no tokony ho fanapaha-kevitra azo?
        - raha vita ny fivoriana inona no fitrandrahana mila atao (iza inona aiza rahoviana IIARA - Qui quoi où quand)?
        - inona ny fifanakalozankevitra nila vita?
        - inona ny information voazara?
        - inona ny soritrasa voadinika vita planina (tanjona dingana manaraka: iza inona aiza rahoviana IIARA - Qui quoi où quand)
        - inona ny hevitra tsy nitovy sy na disadisa(malentendu) voazava?....
    - Ny vokatra rehetra dia kendrena hatrany ho voninahtr'Andtra hatrany **Kol 3-23 "na inona na inona ataonareo dia ataovy toy ny ho an'ny Tompo...**
2. **Iza no tompon'andraikitra ny fivoriana**:
    - Qui est organisateur?
    - amin'ny anaran'iza no antsoina ny fivoriana?
    - Ambaratonga ve? olona ve? sampana ve?
    - faritany ve? biraon'ny tafo? komitin'ny tafo? ny filoha ve? Rakoto ve? Rabe ve?

1. **Inona ny fitsipika mihatra sy mamaritra ny fivoriana (règles et règlements qui encadrent la réunion):**
    - Inona no fitsipika mihatra @ fivoriana kasaina:
        - raha fivorian'ny komitin'ny tafo, biraon'ny tafo fivorian'ny mpandray dia ny fitsipika inona no mihatra?
        - raha fivoriana faritany dia fitsipika inona no mihatra?
        - raha KM (Komity Maharitra) na synoda lehibe dia fitsipika inona?
        - raha sampana eny @ tafo, sampana eny @ faritany na sampana iraisana, dia fitsipika inona?
    - Inona no lazain'ny fitsipika
    - Hajaina mandrakariva ny fitsipika
    - Ny documents, fistipika sy lalàna mihatra eto @ FPMA:
        - Lalam-panorenana - Constitution - FPMA (Fpma iombonana = nasionaly)
        - fitsipi-piorenana - Statut - FPMA (FPMA iombonana)
        - fitsipika anatiny - règlement intérieur - FPMA (iombonana)
        - fistipika anatiny – règlement intérieur – FPMA Faritany
        - fitsipi-piorenana - statut - FPMA Tafo
        - fitsipika anatiny - règlement intérieur tafo
        - fistipika anatiny – règlement intèrieur -sampana
        -

2. **Inona ny Tanisa dinika / agenda / ordre du jour**
    - contenu: asiana mandrakariva fotoambavaka sy fandinihina raharaha
    - Ny tanisa dinika voalohany dia fotoam-bavaka:
        - Tsy tradition fotsiny io na hoe sao mahamenatra raha tsy atao satria fiangonana isika,
        - Fa TENA atao amin'ny FINOANA ny tenin'Andriamanitra hoe "Miasa foana ny mpanao trano raha tsy Jehovah no manao azy" (salamo 127:1) koa ny fotoambavaka dia ametrahana ny fivoriana manontolo sy asa rehetra dinihina eo amin'Andriamanitra koa angatahina ny FANAHY MASINA hiasa sy mpampitombo ny asa fa isika kosa mpiasa fitoavana
    - durée de la réunion: ora fiatombohana - ora sakafo fiantoana - ora firavana
    - et TIMING (durée par sujet): kaotiana avokoa na ny fotoambavaka na ny fandinihina raharaha
    - Ny fotoambavaka dia TSY ADIDY mila atao fotsiny, fa FOTOANA hiantsoana ny FANAHY MASINA hitarika mandrakariva ny asa rehetra eo @ fivoriana koa hahomby ny asan'Andriamanitra. Ny VAVAKA dia MAHERY: *Jaona 15:7*: **"Raha miray amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona fa ho tonga aminareo izany".**
    - asiana samihafa @ farany
    - Mila voafaritra mazava ny tanisa dinika (exhaustif, réfléchi, muri) satria TSY ho ekena intsony mandritra ny fivoriana izay resaka rehetra tsy ao anaty tanisa dinika
    - Sosokevitra hatrany ny tanisa dinika
    - ny "organisateur" miantso ny fivoriana no manao ny sosokevitra tanisa dinika

- Ny fitsipika no mametraka raha ny miantso fivoriana no mandany ny tanisa dinika na Raha ny mpivory no mandany ny tanisa dinika. Oh 1) :Ny tanisa dinika fivorian'ny mpandray dia tokony nandalo komitin'ny tafo koa entin'ny komitin'ny tafo eo @ fivorian'ny mpandray (tsy azo ekena ny mpandray fanasan'ny tompo tsotra manova tanisa dinika ao @ fivorian'ny mpandray nefa tanisa dinika tsy nandalo komitin'ny tafo). Oh 2) Ny tanisa dinika komity maharitra dia ny mpivory komity mahatritra no mandany ny tanisa dinika farany
- Ny tanisa dinika komitin'ny tafo tsy maintsy nandalo Biraon'ny Tafo koa entin'ny biraon'ny tafo eo amin'ny komitin'ny tafo

2. **Iza avy ireo Olona mila manatrika ny fivoriana**:

mpanapa-kevitra/mandatsa-bato - mpanatrika mandray anjara @ dinika fa tsy mandatsabato - vahiny sy/na expert asaina

- mila mifanaraka @ fitsipika
- mila mifinidy tsara ny expert
- ny vahiny

3. **iza ireo olona mampiditra ny dinika isaky ny tanisa dinika (mila manomana ireo olona ireo)**
   - jerena ny andraikitra tandrify sy ny traikefa ary ny fanolorantena
   - Raha misy olona tsy manana traikefa natsoin'Andriamanitra, dia mila hofanina izy sy ampiana
4. **iza no Mitarika ny fivoriana**
   - jerena ny fitsipika sy ny traikefa ary ny fanolorantena
   - Raha misy olona tsy manana traikefa natsoin'Andriamanitra, dia mila hofanina izy sy ampiana
   - Azon'ny filoha atao ny mi-délégué
5. **iza no Mpandray an-tsoratra**
   - jerena ny fitsipika sy ny traikefa ary ny fanolorantena
   - Raha misy olona tsy manana traikefa natsoin'Andriamanitra, dia mila hofanina izy sy ampiana
   - Azon'ny sekretera atao ny mi-délégué
6. **iza no manao nyTatitra**
   - jerena ny fitsipika sy ny traikefa ary ny fanolorantena
   - Raha misy olona tsy manana traikefa natsoin'Andriamanitra, dia mila hofanina izy sy ampiana
   - Azon'ny sekretera atao ny mi-délégué
7. **inona ny Datin'ny fivoriana**
   - raha fivoriana ara-potoana (ordinaire) dia ezahina fantatra ela dia ela mialoha (planning pluri annuel - au moins annuel)
   - raha fivoriana tsy ara-potoana (extraordinaire) dia ezahina fantatra iray volana mialoha fara fahakeliny raha tsy tena raharaha maika
   - 10) rahoviana no mila lasa ny fiantsoana / Datin'ny fiantsoana
   - 11) rahoviana no mila lasa ny tatitra / Datin'ny tatitra
   - 12) Iza no miandraikitra ny Lojistika
8. **rahoviana no mila lasa ny fiantsoana / Datin'ny fiantsoana**
   - oh: Iray volana mialohan'ny fivoriana raha fivoriana ara potoana isan telovolana mihoatra
   - oh: 2 erinandro mialoha raha fivoriana isam-bolana
9. **rahoviana no mila lasa ny tatitra / Datin'ny tatitra**
   - oh: Iray volana aorian'ny fivoriana raha fivoriana ara potoana isan telovolana mihoatra
   - oh: 2 erinandro aorian'ny fivoriana raha fivoriana isam-bolana
10. **Iza no miandraikitra ny Lojistika**
    - jerena ny fitsipika sy ny traikefa ary ny fanolorantena

Mbola hitohy….

Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

Synoda Lehibe

Ry havana malala,

Ny Synoda lehibe faha 35-n'ny FPMA izay nivory tao Mulhouse Storckenshon ny 8, 9, 10, 11 novambra 2014, dia miarahaba sy mamangy ny tafo sy ny kristianina FPMA rehetra ary mampita izao hafatra izao ho an'ny vahoakan'Adriamanitra eo anivon'ny FPMA sy ireo Vondrom-Piangonana miara-miasa sy mifandray aminy.

Ho ampitomboana ho anareo anie ny fahasoavana amam-piadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy Tompo Lohan'ny Fiangonana. Isaorana Andriamanitra fa noho ny fitiavany antsika FPMA dia vita soamantsara ny Synoda lehibe.

Ny teny faneva manao hoe : « Miadia ny ady tsaran'ny finoana, hazony ny fiainana mandrakizay » (1 Timoty 6, 12) sy ny hoe : « izay mitory ny filazantsara dia hahazo fivelomana amin'ny filazantsara » (1 Korintiana 9, 14) no noraisin'ny FPMA hiatrehana ny ady izay manome vahana ny asa maty sy ny sitrapon'ny fahavalo ka ho fanatanterahana dia entanina ny vahoakan'ny FPMA eo amin'ny ambaratonga rehetra eto amin'ny FPMA, faritany, tafo, sampana iraisana, hanatrika ny fiofanana karakarain'ny Soritr'asam-Piangonana SAP sy Komity Nasionaly Projet Laika KNPL.

Nisongadina tamin'ny fandalinana ireo teny ireo nandritra ny Synoda Lehibe 35-n'ny FPMA fa isika dia antsoina hiady ny ady tsaran'ny finoana amin'ny fanehoana ny voninahitr'Andriamanitra sy ny asany ary ny fanjakany eto amin'izao tontolo izao ; ka ny fiadiana tsara indrindra amin'izany dia avy amin'Andriamanitra (Romana 13, 14 sy Efesiana 6, 14- 18).

Izany ady izany dia tafiditra ao anatin'ny firehana teolojikan'ny FPMA izay Fiombonana manao asa misiona ho fanasitranana ny olona manontolo sy ny tontolo iainany ho fanomezana fiainana be dia be. Fahasoavana lehibe ny ananantsika olom-boaantso ary anisan'izany ny mpitandrina izay mitarika antsika amin'io ady io. Koa nohamafisina ny maha-zava-dehibe ny firosoan'ny FPMA amin'ny fananana mpitandrina matihanina sy ny maha laharam-pahamehana ny fitrandrahana ny fanatanterahana izany araka ny teny hoe : « izay mitory ny filazantsara dia hahazo fivelomana amin'ny filazantsara » (1 Korintiana 9, 14).

Ho fiatrehana izany ady izany dia fifaliana ho anay ny milaza aminareo fa vita soa aman-tsara ny rijan-teny ao amin'ny foto-dalàna sy ny fitsipika.

Vita soamatsara ny fifidianana ny mpikambana ao amin'ny Birao Foibe, membres du Bureau Central.

Birao Foibe 2015-2016 :

- Filohan'ny FPMA : Pasitera Jean Andriamarohasina RAVALITERA, Mpitandrina Synodaly,
- Filoha mpanampy mpitandrina : Pasitera Falimanana RAHARINDRANTO
- Filoha mpanampy laika : Andriamatoa Roland RATIARISON
- Tonia : Andriamatoa Rado RAMAROTAFIKA
- Mpitahirivola: Andriamatoa Heriharijaona RANAIVOSON
- Mpitantambola : Andriamatoa Hery Laurent RANDRIAMBOLOLONA
- Mpanolontsaina : Pasitera Jean Teddy RAMAHERIJAONA

Mpandinibola :

- Andriamatoa Ertz RAKOTOMALALA
- Andriamatoa Andry RABEHASY

Dia manao veloma finaritra ho anareo rehetra izahay. Ho an'Andriamanitra irery anie ny voninahitra.

Amin'ny anaran'ny Synoda lehibe faha 35 ny FPMA izay natao tao amin'ny Centre Protestant Torrent Storckensohn.

Ary Andriamanitry ny fiadanana Izay nitondra an'i Jesosy Tompontsika Mpiandry ondry lehibe, hiala amin'ny maty, mitondra ny rán'ny fanekena mandrakizay, Izy anie hahatanteraka anareo amin'ny tsara rehetra hanao ny sitrapony ka hiasa ao anatinareo izay ankasitrahana eo imasony amin'ny alalan'i Jesosy Kristy ; ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amena.

Herintsoa RASIDIMANANA	Dr. Jean Andriamarohasina RAVALITERA, Mpitandrina
Filohan'ny Synoda faha-35 n'ny FPMA	Filohan'ny FPMA

Les cinq oranges…

Demain ce serait Noël. Le petit village ressemblait déjà à un gros édredon de plumes blanches, blotti au creux des collines. Dans l'air sec, accompagnées de buées bleues, les salutations s'échangeaient joyeusement. L'église avait un air de fête depuis que le grand sapin, coupé sur la terre de Joseph cette année-là, y montait une garde fière et droite.

Le nez écrasé aux carreaux givrés, Herménégilde, Viateur, Cléophas et Edmond s'amusaient du va-et-vient de la rue Principale. Les quatre frères, un moment distraits, reprirent leur conversation favorite :
- Dis, Herménégilde, questionnait Edmond, le benjamin, crois-tu que papa va nous ramener quelque chose de la ville pour Noël ?
- Tu sais bien que papa n'est pas riche, interrompait Viateur. Il est allé là-bas parce que tante Zoé est morte. Le voyage lui-même coûte cher.
- Mais, affirmait Cléophas, papa ne nous a jamais oubliés. Il va bientôt rentrer. Vous verrez bien.
Herménégilde achevait de découper des guirlandes dans du papier crêpé :
- Si seulement nous avions un arbre ! s'exclama-t-il. Je serais déjà heureux. Regardez mes frères, tout ce que nous aurions pour le décorer : des pommes rouges, des cocottes de pin, des chandelles qui sentent bon la cire, mes guirlandes toutes frisées et cet ange doré sculpté par notre oncle Philémon.

Les plus jeunes étaient bien d'accord.

Une fois encore la conversation mourait doucement au milieu des soupirs des enfants vaguement inquiets. Il faisait bon cependant dans la maison. Le poêle ronronnait et maman s'affairait à la fabrication de tartes et pâtés. Allons ! Peu importe les cadeaux ! Il y aurait encore et toujours, la joie, la musique et les chants de la parenté réunie, les baisers sonores et les mille vœux fous échangés de tout coeur. Noël serait toujours Noël.

Les quatre frères étaient silencieux. Leurs pensées flottant sur le même thème se rencontraient et s'éloignaient tour à tour. Bientôt la nuit grise des fins d'après-midi d'hiver les força à sortir de leur rêverie. Il fallait allumer les lampes. Papa bientôt frapperait à la porte et cadeaux ou pas, tous se réjouiraient. Que de choses il aurait à raconter !

Alors que l'horloge sonnait cinq heures le père arriva. Après le tumulte et les étreintes des retrouvailles, il fit asseoir sa famille autour de la table. L'œil malicieux, il gardait à côté de lui un sac mystérieux.
Cléophas souffla à ses frères :
- Vous voyez, il a quelque chose ! J'avais bien raison.
Les frères se mirent à rire de joie. Papa avait quelque chose pour eux et il semblait vouloir le leur donner sans attendre Noël.
Enfin le père se décida à parler :
- mes fils, notre tante Zoé a été bien enterrée et elle nous a fait don d'une partie de ses biens. Dans son testament elle a écrit ce qu'il était bon pour l'éducation de ses neveux afin qu'ils deviennent des hommes bons et charitables. Puisse son vœu se réaliser !

Il s'arrêta quelques instants puis reprit : "Alors que j'étais au magasin général, j'ai eu la chance de trouver ces fruits délicieux."

Il sortit alors de son sac cinq oranges qui arrachèrent aux enfants des cris d'admiration. Ils n'avaient jamais rien vu de semblable et ils en éprouvèrent un extrême plaisir. Ils les touchèrent, les humèrent, les firent rouler avec des exclamations heureuses.

Le père en remit une à chacun de ses fils et donna la cinquième à sa chère épouse. Il était tard. Les enfants allèrent se coucher, le précieux fruit à leur chevet.

http://choisislavie.over-blog.fr/pages/Les_cinq_oranges-1988401.html

Le lendemain toute la famille s'occupa des derniers préparatifs d'un réveillon honnête. Le soir, comme les enfants allaient se préparer pour la fête, le père leur demanda :

- Mes enfants, comment avez-vous trouvé ces oranges ?

- Oh ! Papa, répondit Herménégilde, l'aîné, la mienne était excellente. Non seulement c'est un beau fruit, mais encore il est doux, d'un goût exquis et très juteux. Ses quartiers sont très intéressants. J'ai gardé soigneusement les pépins et j'ai découpé la peau en guirlande pour en garnir l'arbre que votre bonté a bien voulu nous offrir cette année des pépins, j'espère tirer quelques plantes qui, si elles ne deviennent pas des arbres portant des fruits, garniront au moins notre logis et nous rappelleront la joie que nous avons éprouvée ce noël.

- Bien, répondit le père. Voilà ce qui s'appelle être économe et soigneux pour l'avenir, comme il convient à un bon cultivateur !

- Moi, s'écria Edmond, le plus jeune, dès mon réveil ce matin, j'ai mangé mon orange. J'ai jeté la peau et les pépins et maman m'a donné encore la moitié de la sienne. Que c'était bon ! Que c'était juteux ! J'en étais tout barbouillé.

- Toi, mon enfant, dit le père, tu n'as pas agi très sagement ; mais enfin, tu as fait ce qui est de ton âge. Pour acquérir la sagesse, tu as encore du temps devant toi.

Alors le second fils, Viateur parla à son tour :

- Moi, dit-il, j'ai ramassé les pépins qu'Edmond, mon petit frère avait jetés et je les ai croqués. Ils étaient amers, mais pas désagréables à manger. J'ai aussi pris ses épluchures et je les ai mises à sécher. On pourra en parfumer des gâteaux et des biscuits. Quand à mon orange, je l'ai vendue au fils du médecin. J'ai reçu assez d'argent pour pouvoir, je pense, en acheter une demi-douzaine si l'occasion se présente d'aller un jour à la ville. Je les revendrai et je pourrai alors m'acheter un train.

Le père secoua la tête et dit :

- À la vérité, voilà qui est parfaitement calculé ; mais ce n'est guère naturel, car tu es trop jeune pour agir en marchand.

Puis s'adressant au troisième :

- Et toi, Cléophas ? lui demanda-t-il.

Cléophas se mit à rougir et tout naïvement, il répondit avec sincérité :

- J'ai porté mon orange à mon ami Roch qui est malade depuis longtemps. J'ai pensé qu'elle pourrait lui faire du bien. Il ne voulait pas l'accepter alors je l'ai laissée sur son lit et je suis parti.

Le silence régnait dans le logis. C'était un de ces moments privilégiés où il semble que la conscience est aiguisée pour marquer à jamais le présent et l'avenir.

Le père reprit la parole :

- Maintenant, dites-moi, qui de vous a fait le meilleur usage de son orange ?

- C'est Cléophas ! répondirent les enfants sans hésitation.

Ce dernier gardait le silence. Il révélait déjà cette qualité d'âme que tante Zoé désirait pour ses neveux. Sa mère l'embrassa et des larmes de joie coulaient de ses yeux. Son père était satisfait. L'éducation de ses fils avait commencé.

Les premiers invités frappèrent à la porte, une chanson aux lèvres. Herménégilde, Viateur, Cléophas et Edmond heureux, se dépêchèrent de mettre la dernière touche à leur toilette.

Noël était là, à nouveau et il leur semblait que ce soir, ils avaient senti son message pressant d'amour parmi les hommes de bonne volonté.

JOYEUX NOEL A TOUS

Un peu d'humour…..

Ecole du Dimanche

Nous allons vous partager une tradition chez les scouts depuis maintenant près de 20 ans, qui se déroule durant le temps de l'avent. C'est « **La Lumière de la paix de Bethléem** ».

Tout à commencer en 1985, une radio autrichienne lance une campagne internationale pour lutter contre la pauvreté à l'aide d'un symbole de paix : une flamme allumée dans la grotte de la nativité à Bethléem. Rapportée ensuite en Autriche, puis **partagée de bougie en bougie, transmise de main en main**.

L'année suivante, les scouts autrichiens prennent le relais de l'organisation et proposent de distribuer ce symbole de la paix aux associations de scoutisme d'Europe et du monde entier.
L'opération prend de l'ampleur en France en 2003, lorsque les Scouts de France et les Guides de France (SGDF) et Éclaireuses et Eclaireurs Unionistes de France (EEUDF) lancent à leur tour la campagne : « **Sème la paix** ».

Depuis cette date, les scouts se donnent rendez-vous chaque 3ème dimanche de l'Avent. Une délégation de jeunes des 2 mouvements, accompagnée d'un aumônier, se rend à Vienne, pour y recevoir la flamme allumée par un jeune autrichien à Bethléem. Puis, la délégation rentre à Paris, où elle partage la lumière aux différents groupes, au cours d'une célébration œcuménique. Au tour de ces derniers de rapporter et de **partager la lumière avec les familles, les voisins, des croyants d'autres confessions religieuses ou avec toute personne souffrant de solitude dans leur villes, leur entourage**. Ils peuvent par exemple la diffuser dans les hôpitaux, les prisons, les écoles…Chaque groupe est libre de proposer l'événement de son choix pour diffuser la Lumière de la Paix de Bethléem en tous les lieux où l'espérance est nécessaire.

Chacun peut participer à la transmission de la Lumière de la Paix de Bethléem, qu'il soit scout ou non. Ce cadeau de paix n'est pas à garder pour soi mais à partager, à transmettre à l'autre. Nous avons la responsabilité de la partager, car c'est certainement le moyen le plus sûr de la savoir préservée aussi par un autre. Partager la Lumière, c'est l'entretenir et même la protéger.

Nous l'avons vécu au sein des Tily Ranomasimbe lors de notre veillée de Noël, et nous voulons vous le transmettre. Que votre lumière ne soit pas uniquement un partage ponctuel, en ces périodes de fêtes. Elle doit se prolonger dans le quotidien de notre vie. **Un sourire, une écoute, une main tendue, un premier pas vers la réconciliation,…soyons des porteurs de lumières.**

Que le petit Jésus renaisse et rayonne dans chacun de vos cœurs en ravivant une flamme éternelle. Passez d'agréables fêtes de fin d'année en partageant autour de vous la lumière qui propage la joie, l'amour et la paix. **Joyeux Noël** ! :)

Jubilé 15ème anniversaire STK FPMA

La section STK FPMA, ce n'est pas qu'à Aix-Marseille … La section STK FPMA, c'est partout en France et c'est aussi l'existence d'une section nationale STK FPMA …

La section nationale STK FPMA a été officiellement créée lors du Synoda Lehibe 2000 à Grenoble, dans notre région Sud-Est.

Sur proposition du Bureau National STK FPMA, l'Assemblée Générale a voté le **Jubilé 15ème anniversaire de la section STK FPMA.**

Et le thème choisi par le Bureau National STK FPMA, approuvé par l'Assemblée Générale et qui sera aussi notre thème à Aix-Marseille pour l'année 2014-2015, est le suivant :

Jeune, résonne pour l'éternité !
« Tu donnes aux graines la force de germer. » Ps 65.11b

L'ouverture officielle de ce Jubilé a été faite lors du **culte de clôture de l'AGSTK 2014, le 6 juillet 2014** à Bordeaux, en présence du Rev. Dr. Jean A. RAVALITERA, Pasteur Synodal & Président de la FPMA, et le Pasteur Falimanana RAHARINDRANTO, Vice-Président de la FPMA et Interface STK FPMA.

Tout au long de la période 2014-2015, chaque section STK locale fêtera au sein de sa paroisse locale ce Jubilé 15ème anniversaire STK FPMA, soit à l'occasion de sa levée de fonds propres, soit lors d'une levée de fonds spécialement dédiée à cet effet.

La **clôture du Jubilé STK FPMA** se fera en 2015, lors de la RNSTK 2015 qui se déroulera les **3, 4 & 5 juillet** à Avignon (symboliquement dans la région FPMA Sud-Est où est née la section nationale STK FPMA).

Dans le cadre de ce jubilé, il a été décidé de mettre en place **plusieurs activités en commun à toutes les sections locales STK.** Ces activités ont pour but de marquer **l'unité des sections**, et aussi de **célébrer le jubilé** 15ème anniversaire de notre section nationale STK.

Ainsi au travers des activités qui seront bientôt mise en place et à venir, la section STK pourra "jubiler", montrer sa joie, ainsi que les talents et les dons que Dieu lui a donnés.

La section STK profitera donc de ce jubilé et des activités en commun pour affermir sa foi, son unité et sa communion fraternelle autour de ces projets communs, puis pour terminer prôner **son** AMOUR **à Jésus**.

Mais quelles sont donc ces activités communes qu'auront chacune des sections locales STK ?

- **Concours logo officiel J15** ***lancé auprès des 29 sections STK de la FPMA.***

  Depuis le 01/10/2014, est le suivant :

- Liturgie commune pour célébrations J15 en local pour marquer l'unité spirituelle
- Mini-série J15 STK FPMA & Buzz J-100
- Vente de produits dérivés J15
- Concours pour hymne permanent STK FPMA
- Stands J15 durant RNSTK 2015

Allez… c'est parti ! Jubilons ensemble pour ce 15e anniversaire de notre section nationale STK ! N'hésitez pas à nous rejoindre et à vous réjouir avec nous lors notre culte spécial « Jubilé » le 22 mars 2015 !

A Dieu Seul Soit La Gloire …

Le STKAM.

- Hafatra

Toy izao manaraka izao ny **hafatra nataon’ny Mpitandrina Hanitra RAOBINARISON** tamin’izany :
Isika rehetra izao dia mpanompon’Andriamanitra, Izy no miantso ny mpanompony, ka manome azy ny andraikitra rehetra eo amin’ny asa fanompoana.
Ny anjarantsika mpanompo dia ny mamboly, mamboatra ary manondraka, fa Andriamanitra kosa no mampitombo.
Ny asa fanompoana dia tokony hifameno mba hampitombo ny fiangonana, tsy hisian’ny fizarazarana; ny fiangonana eto dia oharina amin’ny trano arafitr’Andriamanitra.
Andriamanitra no ivo ary tokony hijoro ho vavolombelona tokoa isika, eo amin’ny tokantrano aloha voalohany indrindra, eo amin’ny fiangonana ary eo amin’ny firenena sy eo amin’izao tontolo izao.

Ireo vehivavy solontena ny Tafo Aix Marseille

Fampianarana nataon’ny Mpitandrina Dr Révérend Jean RAVALITERA, Filohan’ny FPMA

Raha jerena ny teny faneva ao amin’ny I Korintianina 3 : 9

“Fa mpiara-miasa amin’Andriamanitra izahay ; ary sahan’Andriamanitra sy trano arafitr’Andriamanitra hianareo.”

Ny fiangonana tany Korinto dia nanao jery todika ny fiainany mba hampitombo azy. Nisy sokajy telo tamin’izany :
Sokajy 1: ara-panahy
Sokajy 2: ara-tsaina
Sokajy 3: ara-nofo.
Ireo sokajy roa voalohany (1-2) dia nahitana fandeferana, mba tsy hisian’ny fialonana « zelos“.
Fa ny sokajy fahatelo (3) kosa dia nahitana ny maha-ratsy ny basi-vava ka mahatonga ny fifandirana sy ny tabataba. Mampiseho ny olombelona ao anatin’ny ota izany.

Tsy misy anefa trano miorina raha tsy misy ny fanorenana dia Jesosy Kristy: jereo ny fanoharana ny amin’ny mpamafy ao amin’ny bokin’Isaia.
Ny mpiasa dia mpiasa ihany fa Andriamanitra no mampitombo: Salamo 127.
Ny teny faneva dia karazana jeri-kina anefa mitondra drafitr’asa ihany koa.
Ny apostoly voalohany dia vehivavy: Maria Magdalena.
